**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny fitsirihana ataon'ny iraky ny FMI eto Madagasikara ny 04 hatramin'ny 10 septambra 2025. Izao fitsidihana izao no antsoina hoe "fact finding" izay fitsirihana efa fanaon'ny eo anivon'ny FMI eo anivon'ireo Minisitera voakasika.**

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny fividianana ireo fanampin-tsakafo be otrikaina ho an'ireo sekoly eo ambany fiadidian'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena. Tanjona ny hiantohana ny fitombon'ny zaza sy ny fahasalamany ary hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo indrindra eo anivon'ireo sekoly ianjadian'ny haintany.** Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ihany koa ny hirosoana amin'ny fepetra manokana amin'ny hanjifana fanampin-tsakafo KAPIKINAKA.

Ny ozinina Nutrisud izay natsangana hamokatra an'ireo fanampin-tsakafo hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo any amin'ny Faritra Atsimon'ny Nosy no mamokatra ny KAPIKANAKA. Ireo singa hita ao aminy dia manampy ny zaza amin'ny fitombony sy ny fivelaran-tsainy. Ny fonosana KAPIKANAKA iray dia mitondra ny iray ampahatelon'ny kaloria ilain'ny zaza ao anatin'ny iray andro.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY VAROTRA + MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny iraka ofisialy any Washington D.C ny 06 hatramin'ny 13 septambra 2025 izay iompana amin'ny fanalavana na fanavaozana ny AGOA.** Ny fandaharan'asa AGOA, izay manan-danja ho an'i Madagasikara indrindra ho an'ny fanondranana eo amin'ny sehatry ny lamba dia hifarana ny faran'ny volana septambra 2025. Tafiditra ao anatin'ny fandaharam-potoanan'izao iraka izao ny fanohizana ny adisisika momba ny fanohizana na fanavaozana ny AGOA. Eo ihany koa ny fanolorana ireo sehatra isan-karazany azo ampiasam-bola eto Madagasikara anisan'izany ny lamba, ny harena an-kibon'ny tany sy ny lavanila.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY AKORAN'AFO**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fanavaozana ny fahazoan-dalana amin'ny fitaterana solika ho an'ny orinasa JOVENA MADAGASCAR**

**MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny famatsiam-bola vaovao nifampiraharahana teo anivon'ny minisiteran'ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovainjafy entina hanohanana ny politikam-panjakana momba ny tontolo iainana eto Madagasikara.**

Anisan'izany ny:

- ny Blended Finance Global Programme (BFGP)
- ny PSE na "Paiements pour les Services Écologiques"
- Tamberin'andraikitr'ireo orinasa (RSE)